Fiakaran'ny vidim-piainana

# Mitaky vahaolana maharitra ny vahoaka 7


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 28 septambra 2019 Laharana 959 Vidiny : 400 Ar


Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 154), Madagasikara 25 septambra 2019 5


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Rina Randriamasinoro N°02 Antananarivo 3

# Mitombo hatrany ny komity mpanohana azy



Fanendrena governora 2

# Manipy hoditr'akondro ho an'ny tenany Rajoelina



AMBOHITRIMANJAKA 2

## Misy manakenda ny rano, maina ny tanimbary efa voaketsa



Gaby VAMI 6

## Fanitsakitsahana lalampanorenana ny fanendrena governora

Ambohimiadana Atsimo Boriboritany faha 6 4

## Nodiovina tamin'ny alalan'ny HIMO ny lakandrano 150 m

Nelson Mandela Cup 6

## Ekipa miisa 24 no hifaninana eo amin'ny baolina kitra

Daka kely

Mila manao «recyclage» nareo mianakavy ry Boaikely a !

FJKM Atsimon'i Mahamasina 7

## Fotoam-bavaka no nisantarana ny faha-20 taonan'ny Polisy Monisipalin'ny CUA



AMBOHITRIMANJAKA

# Misy manakenda ny rano, maina ny tanimbary efa voaketsa



Misy manakenda ny rano eny tanimbarin'Ambohitrimanjaka, misy manohana tsy hiditra ny rano. Kendaina ny tantsaha, tohanana ny rano tsy hihazo ny tanimbary efa voaketsa, tsy hafafahan'izy ireo manohy ny asany eny an-tanimbary. Natao hanasoa ny fiainan'ny vahoaka ny mpitondra sy ny fanjakana fa tsy hamono azy. Mahagaga anefa ny fihetsiky ataon'ny fitondrana ankehitriny amin'ity fikirizana hanototra ny tanimbary fiveloman'ny vahoaka maro eo Ambohitrimanjaka ity. Fahaleovantena ara-tsakafo tsy hiankin-doha any ivelany ary tsy hanafatra vary avy any ivelany intsony no nodradradradraina nandritra ny fampielezan-kevitra, saingy fanotorana tanimbarim-bahoaka no atao rehefa tonga eo amin'ny fitondrana. Ankoatra izany, manamafy ny antso efa nataoy ny solontenam-pokonolona: Ambohitrimanjaka, Ambohidrapeto, Fiombonana, Ankadimanga, Itaosy, Ambohitrimanjaka- Anosimanjaka, Apirika sy ny kaominina manodidina, na mpamboly na tsia, na mpiompy na tsia, na antitra na tanora, ho avy ny sabotsy 28 septambra araka ny toerana sy ora efa voasoratra amin'ny taratasy hoy ny fanambarana. Hampiseho firaisankina izy ireo manoloana ny tetikasan'ny filohan'ny repoblika hanototra ny tanimbary 1000 ha sy hanafoana antom-pivelomana tantsaha aman'alina. Be tokoa no voadona tsy nanampo fa hihàtra aminy tahaka izao izany tetikasa Tana-Masoandro izany satria tsy nasiana fifampiresahana sy fifampidinihana. Izao vao tonga saina ireo ihàran'izany, ka velon-taraina sy latsa-dranomaso fa very sy tapidalan-kaleha, tsy mahalala izay ho afitsoky ny ampitso. Mihenjana ny raharaha eo anivon'ny vahoaka sy ny fitondrana. Misy ireo mikaikaika voadonan'izao fanohanana ny rano tsy hiditra amin'ny tanimbary izao, misy koa ireo mahatsapa sahady ny loza hihàtra amin'ny fiainany noho ny mety ho fanotofana.

***Naina***

Gaby VAMI

# Fanitsakitsahana lalampanorenana ny fanendrena governora



*Gaby, mpitarika ny antoko Vahoaka Miray.*

Manoloana ny fanendrena governoran'ny faritra, milaza ny heviny mahakasika izany i Gaby filohan'ny antoko VAMI, na ny Vahoaka Miray. Fanitsakitsahana ny lalampanorenana iny fanendrena hoy izy. Porofo amin'izany, rehefa tsy mitovy ny anarana dia efa samihafa izay, samihafa ny governora ny faritra sy ny lehiben'ny faritra, mitovy tsy misy hafa: samihafa ny hoe Rakoto sy Razefa. Noho io fanitsakitsahana ny lalampanorenana ataon'ny fitondrana Rajoelina io no tsy nandraisan'ny VAMI anjara tamin'ny fifidianana hatramin'ny fifidianana filohampirenena, depiote, ary amin'izao fifidianana kaominaly izao koa dia tsy nandrotsaka olona ny antoko. Momba ny fiainam-pirenena, milaza ny mpitarika ity antoko ity fa miaina anaty fahantrana lalina ny vahoaka ankehitriny, tafakatra 1000 Ar ny rano amin'ny bidon mavo raha 500 Ar izany teo aloha, ny menaka fihinana niakatra koa ny vidiny,… Manoloana izany, miantso ny fahatongavan-tsain' ny vahoaka izy, satria ny vahoaka no tompon'ny fahefana, ny vahoaka no tompon'ny taniny,…

***Isambilo***

MCFIE

# Tetikady hifehezana ny voka-pifidianana kaominaly ny fanendrena governora



Fanitsakitsahana ny lalampanorenana ny fanendrena ireo Governoram-paritra 11, tamin'ny filankevitry ny minisitra ny alakamisy 25 septambra teo, hoy ny MCFIE, na hetsiky ny olom-pirenena miady amin'ny hosoka anaty fifidianana. Nambaran'i MIHARI-NI-RENCHO, fa rafitra tsy voalazan'ny lalampanorenana ny governoram-paritra ary tsy misy na iray aza ny rijatenindalàna mamaritra ny fisiana sy ny fanendrena ny governora, na ihany koa ny anjara andraikitra tandrify azy.

Nambaran'ity mpikambana amin'ny MCFIE ity ihany koa fa mety ho tetikady hifehezana ny vokapifidianana Ben'ny tanàna ho avy izao ny fanendrena ireo governora. Mampanahy noho izany ny fahamarinan'ny zotram-pifidianana raha mandray ny asany ireo olom-boatendry ireo. Ny fikarakarana ny fifidianana rahateo tsy ampahafantarina mazava ny olom-pirenena. Mbola tsy navoakan'ny Voamieram-pirenena mikarakara ny fifidianana (CENI) hatramin'izao ny vokatr'ilay fampitahana ny lisi-pifidianana nampiasaina tamin' ny fifidianana filoham-pirenena sy tamin'ny fifidianana solombavambahoaka. Mbola ho maro hatrany noho izany ireo olom-pirenena very zo, tsy afaka ny hifidy amin' ny fifidianana Ben'ny tanàna ny 27 novambra ho avy izao.

Miantso ny Fitsarana avo momba ny lalam-panorenana ny MCFIE handinika ity tranga fanitsakitsahana ny lalam-panorenana ity. Ary handray fepetra manoloana ny fandikana matetika ny lalampanorenana toy izao.

***Helisoa***

Fiatrehana ny fifidianana

# Niantso ireo mpisehatra ny Kmf-Cnoe mba ho ao anaty fitoniana ny fifidianana

"Serasera sy fifampidinihana miantoka ny fitoniana mandritra ny zotram-pifidianana", io no lohahevitra noraisina nandritra ny atrikasa izay nokarakarain'ny KMF-CNOE, na Komity Mpanara-maso ny Fifidianana ny faran'ny herinandro teo, izay natao tao amin'ny efitrano malalaky ny Faritra Vakinankaratra. Ny tanjona amin' izany dia ny fampandraisana andraikitra ireo mpisehetra rehetra hisian'ny fitoniana maharitra mandritra ny zotram-pifidianana izay ho avy. Raha tsiahivina dia tsy vao izao izy ireo no nanao atrikasa tahaka izao, fa efa andiany faha efatra izao natao izao, ka samy nandraisana lohahevitra toy ity avokoa. Nandritra izany dia samy naneho ny heviny ireo rehetra tonga nanatrika, fa indrindra ny solontenan'ireo kandida hilatsaka ho fidiana Ben' ny tanàna. Isan'ny nisongadina tao anatin'ny sosokevitra nivoaka, fa zavadehibe ny fahaizana miara-miasa eo amin'ny samy mpisehatra, fampisana ireo fitaovan-tserasera samy hafa, tokony hahay hifanaja ireo samy kandida aloha, mandritra ary ao aorian'ny fifidianana. Mba hialana amin'i reo olana mety hitranga mandritra ny fifidianana izay ho avy ity dia ilaina araka izany ny miasa ao anatin'ny mangarahara mba hisian'ny fitoniana. Antenaina noho izany fa hilamina amin'ny antsakany sy andavany ity fifidianana Ben'ny tanàna sy Mpanolotsaim-paritra ny 27 novambra ho avy izao ity.

***Lezama***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Fanendrena governora

## Manipy hoditr'akondro ho an'ny tenany Rajoelina

Malaza foana ny teny hoe misy manipy hoditr'akondro ny filohampirenena teto Madagasikara, rehefa misy ny fanapahan-kevitra izay heverin'ny maro fa tsy mety raisin'ny mpitondra. Ireo olona manakaiky ny filoha amin'izany no mahazo loza sy lasibatra matetika. Raha ny zava-misy eto amin'ny firenena ankehitriny dia midi-droa ihany io resaka io, fa tsy ny tandapa hatrany no omena tsiny. Misy manipy hoditr'akondro ny filoha Andry Rajoelina matoa hatramin'ny 10 volana nitondràny izay dia efa maromaro ihany ny fanapahan-kevitra taingina noraisin'ny fitondràna TGV/MPAR/IRD izay efa fantatry ny maro. Ohatra vitsivitsy no omena antsika amin'izany , saika hanao fitsapankevi-bahoaka miaraka amin'ny fifidianana depiote ny fitondràna Andry Rajoelina vao tafapetraka teo amin'ny toerany izy hametrahana governora hanatanterahany ny velirano izay nataony hono ! Araka ny serasera izay efa natao mafy be tamin'ny haino amanjery samihafa an'ny mpomba ny fitondràna dia ny mba hisian'ny fitsinjarampahefana eto amin'ny firenena no voalaza fa hanaovana io fitsapa-kevi-bahoaka io ! Afa-baraka teo ny fitondràna TGV satria nolavin'ny HCC io resaka fitsapan-kevibahoaka miaraka amin'ny fifidianana depiote io. Teo dia nomen'ny fitondràna tsiny ny HCC ao anaty farango sosona satria nilaza ny filoha tamin'izany fa misy misakana amin'ny hisian'ny fitsinjarampahefàna tena izy eto amintsika. Manaraka izany , teo ny resaka nataon'ny filoha fa ho ravàna ny Antenimierandoholona , mbola tsy tanteraka indray izany satria tsy maintsy manapitra ny fotoampiasàny ara-dalàna ity andrim-panjakàna: mpiahy ny vondrom-bahoakam-paritra, sy mpanolotsaina ny governemanta ity, vao miala eo amin'ny toerany. Tsy zakan'ny TGV ny fisian'io andrimpanjakàna io satria ny HVM no maro an'isa ao. Vao omaly ny omaly , nataon'ny fitondràna TGV kopisoroka araka ny fitenin'ny tanora indray ny fanendrena ireo governora isaky ny faritra, izaany hoe natao amboletra tsy nanontaniana ny hevitry ny HCC akory. Misy moa ny filalaovana ny lalàna dia atao mety avokoa na hita mibaribary aza fa tsy mifanaraka amin'ny lalàmpanorenana misy ankehitriny , izay ny mpitondra amin'izao fotoana izao ihany aza no nanao izay hampandàny io lalàmpanoeranana io tamin'ny taona 2011. Eto aloha na inona ambara na inona lazaina dia ny filohampirenena Andry Rajoelina mihintsy no manipy hoditr'akondro ny tenany. Ianao Andriamatoa no nofidian'ny vahoaka na nisy zavatra tsy manjary aza no nahatonga anao teo amin'io toerana , fa tsy ny tandapa manolotsaina anao. Ankoatra izany, raha fitantanan-draharahampanjakana toy ny hoe governora, lehiben'ny faritra,… izany, tokony ireo nahavita fianarana teny amin'ny ENAM, INFA, no ho loha-laharana ho amin'izany toerana izany, fa tsy izay rehetra akamakama no omena toerana, na hita izao aza fa tsy hahomby. Izay no ilazana fa Rajoelina ihany no manipy akondro hampibolisatra azy.

***Helisoa***

Ny Valosoa sy hadihady

# Fitantanam-pirenena : tara hatrany ny fandraisana andraikitra

Andro vitsy sisa dia hivalona indray ity volana fahasivy ity ary volana telo sisa no hodiavina dia hifarana ny taona. Mifanila amin'izany, mivadibadika be ihany ny toetrandro tato ho ato ary mampandraiky manavy ireo rehetra marefo arapahasalamana. Mazava loatra fa ny vahoaka Malagasy no voakasik'izany. Toa manaraka izany koa anefa ny fitantanan-draharaha ara-politika eto amin'ny firenena ny fahitana azy. Milaza izany, ohatra, ny resaka fanendrena governora izay nambaran'ny mpahay lalàna fa tsy mifanaraka amin'ny lalampanorenana. Valalanina ambony ihany ny vahoaka eo anatrehan'izany, satria milaza ho tan-dalàna ny fitondrana ary izany no ampanjakaina eto amin'izao izy eo amin'ny toerana izao.

Rehefa niakatra ny maripana amin'ny tsikera momba ny fidangan'ny vidim-piainana amin'ireo entana fanjifan'ny mponina andavanandro sy mahakasika tanteraka ny ati-vilaniny, izay vao mody mikoropaka ny tomponandraiki-panjakana. Izay vao mody mahita vahaolana maimaika. Tsy niomana ny amin'izany mantsy tany am-piandohana fa mbola variana amin'ny fanaovana kajikajy politika, ho amin'ny hamaharana ny toerana azo sy ireo mbola ho katsahina fatratra. Kajikajy politika izay mbola mitohy tsy mitsahatra. Ny fikendrena dia ny hahazoana 100% toy ny tao amin'ny antenimeram-pirenena Tsimbazaza. Politika marivo tototra io ary mora takatry ny maro. Rehefa jerena indray koa anefa ireo vahaolana hita sy kasaina ho ampiharina, dia mbola ho amin'ny ampahany amin'ny olam-bahoaka ihany no hovahana. Mbola manahirana mafy ny vahoaka maro an'isa, ohatra, ny resaka arina fandrehitra fandrahoan-kanina, izay mbola tena midangana ny vidiny. Ny vahaolana naroso hatreto dia tefy maika ihany, satria tsy mifanaraka amin'ny any anaty kitapom-bolan'ny isan-tokantrano Malagasy. Mety ho tsara angamba ilay vahaolana avy amin'ny fitondram-panjakana, kanefa hita tsotra izao fa tsy mifanaraka amin'ny zava-misy iainam-bahoaka. Izany hoe azo lazaina ho tsy mahalala marina ny tena fiainam-bahoaka ny fitondrana? Ary saika izay hatrany no tsikaritra amin'ny zavatra hita aroson'ny fitondrana. Efa am-bolana maro no nikaikaika amin'ny fidangan'ny vidim-piainana ny vahoaka, fa aty amin'ny fahasivin'ny volana vao mikoropaka mitady vahaolana ny fitondrana. Mbola misy aza sehatra tena ikimpian'ny fanjakana nefa olana mampijaly ny vahoaka. Anisan'izany, ohatra, ny fitateram-bahoaka, fa hatreto tsy hita izay vahaolana entina amin'izany, asa miandry inona? Sa rehefa misy toy ireny nataon'ny solontenan'ny banky iraisam-pirenena ireny vao mikoropaka indray koa sy mitady vahaolana maimaika. Tsy atao ho mahagaga loatra aloha fa tsy maintsy izay ihany ny fandehany rehefa kajikajy politika hatrany no atao mibahan-toerana mialoha ny fitsinjovana izay hahasoa marina ny vahoaka.

***Sôh'son***

TIM Antsirabe I

# Efa mipetrapetraka ny fiomanana hiatrehana ny fampielezan-kevitra

Ny faran'ny herinandro teo no nanaovana ny antsapaka ny laharan'ireo kandida ho Ben'ny tanàna sy mpanolotsaina anaty bileta tokana tamin'ny faritra Vakinankaratra, izay notarihin'ny Tonia maharitra ny CENI eto Vakinankaratra Ratolojanahary Jean Hajasoa, tao amin'ny efitrano fivorian'ny Prefektiora Antsirabe. Nizotra tam-pilaminana ny antsapaka raha ny teto Antsirabe I, tsara ny mampahafantatra antsika olom-pirenena izay handatsa-bato ny faha 27 novambra 2019, fa miisa 6 ireo kandida ho Ben'ny tanàna izay ho fidiana, ka toy izao ny filaharany anaty bileta tokana tamin'ny antsapaka: laharana voalohany Andrianjanaka Mandrindra Albert (Indépendant), faharoa Raharizoandrinirina Justino (Indépendant), fahatelo Razafimampanana Hasina (Indépendant), faha efatra Randrianarisoa Guy Rivo (TIM), faha dimy Rasamimanana Honoré (IRD), ary faha enina Andriamandranto Ralison (Indépendant). Ny an'ireo mpanolotsaina kosa dia toy izao ny filaharany: laharana voalohany Hasin'Antsirabe, faharoa IRD, fahatelo TIM ary faha efatra ny AMI. Tsy nanolotra kandida ho mpanolotsaina ny kandida laharana voalohany sy ny faha 6. Hita fa efa samy manana paik'ady entiny hitondrana ny tanàna ireto kandida ireto. Ny 05 novambra hatramin'ny 25 novambra 2019 no hanaovana ny fampielezan-kevitra. Ary ny andron'ny fifidianana Ben'ny tanàna sy mpanolotsaina kosa dia ny 27 novambra 2019. Raha ho an'ny Antoko Tiako i Madagasikara manokana dia efa mipetrapetraka ny fiomanana hiatrehana ny fampielezan-kevitra, ary mandeha tsikelikely ny fampahafantarana ny laharan'ny Kandida ho Ben'ny Tanàna sy ny mpanolotsaina, mialohan'izay fampielezan-kevitra izay.

***Lezama***



*Ny kandidà ben'ny tanànan'Antsirabe, Guy Rivo Randrianarisoa, laharana faha-4 amin'ny biletà tokana.*

RINA RANDRIAMASINORO N°02 ANTANANARIVO

# Mitombo hatrany ny komity mpanohana azy

Mitombo hatrany ankehitriny ny komity mpanohana ny kandidà ben'ny tanàna eto Antananarivo Renivohitra, Rina Randriamasinoro N°2 avy amin'ny antoko TIM. Ankoatra ireo komity mpanohana avy amin'ny antoko eny anivon'ny fokontany sy Boriboritany, tsy vitsy ankehitriny ireo fikambanana, na olon-tsotra manohana azy amin'ny fifidianana ny 7 novambra ho avy izao. Manohana tsy misy fepetra ny Kandida Ben'ny tanàna Rina Randriamasinoro koa ny solombavambahoaka 6 mianadahy voafidy tamin'ny lokon'ny Tiako i Madagasikara (TIM), miadidy ny distrika enina mandrafitra an'Antananarivo renivohitra. Nambaran'izy ireo fa mahafeno ny fepetra hitantana amin'ny fomba mahitsy sy mahomby an'Antananarivo renivohitra ny traikefa sy ny fahalalana ananan'i Rina. Raha tsiahivina dia efa nitana ny andraikitra stratejika 2 samihafa teo anivon'ny Kaominina Antananarivo renivohitra (CUA), i Rina Randriamasinoro. Anisan'ny nahatsapàna izany ny fahombiazany tamin' ny naha Tale nisahana ny raharaha ara-bola na Directeur Financier azy. Nandritra ny fe-potoana nitantanany io sampandraharaha io no nampitombo hatramin'ny 50% ny tahan'ny fampidiran-ketra na "Taux de recouvrement fiscal" teto Antananarivo renivohitra. Ankoatra izay dia voaefa ny ampahany betsaka tamin'ny trosa izay nifandovàn'ny mpitantana ny tanàna teo aloha. Nihodina araka ny tokony ho izy ny fampandehanan-daharaha samihafa na dia tsy nisy aza ny famatsiambola avy amin'ny fitondram-panjakana foibe: tsy nisy olana ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa ary tanteraka araka ny tokony ho izy ny asa iantsorohan'ny kaominina.



Noho ny fahitan'ny Ben' ny Tanàna am-perinasa, Ramatoa Lalao Ravalomanana ny fahaiza-manao an'i Rina Randriamasinoro dia notendreny ho Sekretera jeneralin'ny Kaominina izy nanomboka ny volana jona 2019. Maro ny fanovàna sy fanatsaràna ny asa sy ny fitantanana teo anivon'ny kaominina Antananarivo renivohitra. Teo ny famahana ny olana amin' ny fitohanan'ny fifamoivozana, ny fandaminana ny tsena, ny fanatsarana ny tolotra eny anivon'ireo sampandraharaha mikirakira ny antotan-taratasy samihafa eny amin'ny boriboritany. Ary anisan'ny lehibe indrindra ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa ilain'ny vahoaka toy ny lalana mampifandray fokontany maro isaky ny boriboritany, ny lalankely any anaty tanàna ary ny fanadiovana ireo lakandrano fivarinan'ny rano. Teknisiana tanora manana ny traikefa sy fahaizamanao amin'ny fitantanana ny tanàna i Rina Randriamasinoro.

***Stefa***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Tsimanavaka R.**

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra

Tel. 034 79 076 00

TONONKALO

## Mila fanasitranana maika

Marary ny sehatry ny fanabeazana.
(Vokatra ity mitotongana hatrany !)
Lazoin`ny aretina hafa karazana,
Fa ny mpitondra tsy taitran`izany.

Marary ny sehatry ny fampianarana.
(Ilàm-pandidiana ary maika dia maika !)
Raha mbola tsy izy no lohalaharana,
Dia olo-maro no hikaikaika.

Tsy vitsy ireo efa tsy mianatra intsony.
(Tsy fantatra hoe mba nankaiza izy ireny ?)
Tsy manan-kambara ny mpitondra ambony,
Kanefa mitombo ny mpirenireny.

Ho feno mpangalatra indray ny tanàna,
Raha toa ka izao no hitohy eto an-dasy.
Tsy manam-bahaolana ny fitondrana.
Vao mainka hihabado ny tanora gasy !

***DADAN`i ZINA (27-9-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fanadiovana lakan-drano tany amin'ny Boriborintany faha-6.









AMBOHIMIADANA ATSIMO BORIBORITANY FAHA 6

## Nodiovina tamin'ny alalan' ny HIMO ny lakandrano mirefy 150 m


Ho fitsinjovana ny rano miakatra amin'ny fahatongavan'ny fahavaratra amin' ny faritra iva dia efa miomana amin'izany ankehitriny ny tanànan'Antananarivo Renivohitra (CUA), tarihin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, manerana ny boriboritany enina. Raha ho an'ny boriboritany faha 6 manokana dia nisy ny asa tanamaro (HIMO) anadiovana ny lakandrano fandehanan'ny rano maloto ao amin'ny fokontany Ambohimiadana Atsimo mirefy 150 metatra. Izany no natao dia mba hikorianan'ny rano, tsy ho tsentsin'ny loto izy ireny. Ny asa natao dia niarahan'ny ekipan'ny boriboritany faha 6 sy ireo mponina sahirana, izay omena tambin-karama analàna fahasahiranana azy ireo . Mitohy hatrany ny asa fanadiovana ireo lakandrano hoy ny lefitry ny delegen'ny boriboritany faha6, Sitraka Andrianantoandro Todisoa araka ny toromariky ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, fa tsy hijanona ao Ambohimiadana Atsimo fotsiny ihany .

***Helisoa***



*Ny fanadiovana lakandrano teny amin'ny Boriboritany faha-6.*

## Sakafo Ny Valosoa



Drakaka na fozabe saosy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo tsiambaratelo momba ny fikojakojana ny taovam-pananahana

Ireo tsiambaratelon'ny momba ny fikojakojana ny taovam-pananahana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

**Ho an'ny lehilahy**

- Fadio ny mihinana siramamy be loatra, zava-pisotro be siramamy ao anaty tavoahangy, satria miteraka ary mahatonga ny tsirin'aina (spermatozoïde) lasa mialoha loatra (l'éjaculation précoce) izany.
- Fadio ny misotro ronono ao anaty boaty betsaka, indrindra mampifangaro izany amin'ny confiture be loatra satria ny confiture fotsiny dia manana siramamy be dia be.
- Mialà amin'ny masturbation satria mety tsy hivoaka hiala tany avokoa ny tsirin'aina, ka ny ambiny kely mijanona ao iny no miangona hatrany ary lasa mivaingana manentsina ny fantsona.
- Aza misotro toaka be raha tsy izany dia ho "atrophiés" ny spermatozoïdes-nao, izany hoe raha mikasa hanao firaisana hahazoana vohoka mirindra dia tsara kokoa raha tsy misotro toaka telo volana mialoha an'izany.

Mihinàna tongolo betsaka (oignon), akondro satria tsara ho an'ny sperme sy ny "spermatozoïdes" izany.

**Ho an'ny vehivavy**

- Mialà amin'ny fitiavana fihinanana zava-mamy, bonbons, chewing-gum, glace be loatra...
- Aza manao slip mihoatra ny iray andro, mila misolo slip isan'andro, satria matetika ny fivaviana dia mamoaka tsiranoka ao aorianan'ny fandiovany irery ny tenany, ka aorian'ny ora vitsivitsy dia lasa mivadika "microbe" sy "infections".
- Mihinàna avocet na zavokà betsaka satria tsara ho an'ny fivaviana izany (tsy asiana siramamy).
- Mihinàna karaoty sy salady mba ho tsara fihodirana ny zanakao.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Andrafiabe any amin'ny distrikan'Antsiranana faha-2 faritra Diana

Ny tanànan'Andrafiabe, any amin'ny distrikan'Antsiranana faha-2, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. Tsy dia avo toerana izy satria 138 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Amin'ny lalampirenena faha-6 no misy ity tanàna ity, eo anelanelan'Antsiranana sy Anivorano Avaratra. Mpamboly ny mponina any, mpamboly vary, mpamboly fary, mpamboly voanio izay aondrana any ivelany ihany koa.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 154), Madagasikara 25 septambra 2019

***Amosa 3: 7 "Tsy manao na inona na inona tokoa AHO JEHOVAH raha tsy milaza ny hevitro amin'ny mpaminany mpanompoko"***

Ry mpamaky sy mpihaino, misaotra anareo mbola manaiky izao lalako saro-pantarina izao. Misaotra anareo fa mbola tia AHY hianareo. Enga anie ka ho hitanao ny lala-marina, ny lalan'ny mpandresy, ny lalan'ny voavonjy. Hisy zavatra hafahafa tsy hahitam-bahaolana eo amin'ny fiainanareo. Ho aiza hianareo manoloana ny programan'i losifera fa ho fantarina isambatan'olona? **Izay hanananareo ny FANAHY MASINA katsahina fatratra, Ilay FANJAKAKO izany, dia ho ampy eo aminareo izay rehetra ilainareo**. Indro miova avokoa ny zavatra rehetra, na eo amin'ny Lanitra ambony na izay eo amin'ny tany ambany. Ho vonoina eo amin'ny tany avokoa izay Fahamarinana avy AMIKO, tsy havela atao, tsy azo aleha, tsy azo tononina, tsy azo ambolena, tsy azo idirana, tsy azo raisina, tsy azo entina mody. Ho avy ny an-tery setra, tsy maintsy atao, tsy maintsy iainana, tsy maintsy ambolena, tsy maintsy tafiana... Ohatra daholo ireo rehetra ireo fa samy mamoaka ny lalànany avy ny isan-tsehatra rehetra isan-tokony. Indro hiova ny zava-drehetra : taom-pianarana, taom-pambolena, fomba fiompiana, ny fitantanana, ny fandaminana, ny fikambanana, ny fanjonoana sy izay azo vokarina rehetra. Tsy mahaleo tena intsony ny olona. Baiko avokoa ny zava-drehetra, arahimaso isan-tokantrano, isan'olona, isan'orinasa, isam-panompoana, isam-piangonana...

Fa izao:

raha ny tany no miteny hoe: vonoina, dia ny Lanitra miteny hoe velomina.

raha ny tany no miteny hoe korontano dia ny Lanitra miteny hoe alamino.

raha ny tany no miteny hoe ravao dia ny Lanitra no miteny hoe atsangano.

Toy izany no zavatra hitranga atsy ho atsy ka vonona ve hianareo, ka tsy maintsy atao zavatra mifanohitra izay atao ambany masoandro. Sandoka avokoa izao zavatra rehetra hitanareo izao sady famonoana an-kolaka ny Fahamarinana no sady fanodinana ny Rariny. Omeko toky hianareo androany manao hoe: IZAHO dia IZAHO ihany no JEHOVAH fa tsy misy hafa. ***Isaia 45: 5*** *"Izaho no Jehovah, fa tsy misy hafa: Tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho."* Tanterahiko ny Teniko amin'ny Heriko sy ny Fahefako.

Tsy misy mpandresy raha tsy IZAHO no miteny. ***I Tantara 14: 10*** *"Ary Davida nanontany tamin'i JEHOVAH hoe: Hiakatra hamely ny Filistina va aho? Hatolotrao eo an-tanako va izy? Dia hoy Jehovah taminy: Miakara, fa hatolotro eo an-tananao izy."*

Tsy misy Hery raha tsy IZAHO no mamoaka. ***Eksodosy 15: 6*** *"Ny tananao ankavanana, Jehovah ô, efa malaza amin'ny hery"*

Tsy misy Voninahitra raha tsy IZAHO no miseho. ***Apokalypsy 15: 8*** *"Ary ny tempoly dia feno setroka avy tamin'ny voninahitr'I JEHOVAH sy ny heriny"*

Tsy misy azo atao raha tsy ny FANAHY MASINA no tonga. ***Asan'ny Apostoly 1: 4*** *"Ary raha niara-niangona* teo aminy Jesosy, dia namepetra azy tsy hiala an'i Jerosalema, fa hiandry ny teny fikasan'ny Ray, izay efa renareo tamiko, hoy Izy"*

Tsy misy Famonjena raha tsy ao amin'i JESOSY KRISTY irery ihany. ***I Jaona 4: 14*** *"Ary izahay efa nahita ka manambara fa ny Ray efa naniraka ny Zanaka ho Mpamonjy izao tontolo izao."*

Tsy misy Fanjakana azo antoka raha tsy Ilay avy AMIKO JEHOVAH. ***Daniela 2: 44*** *"Ary amin'ny andron'ireo mpanjaka ireo JEHOVAH Andriamanitry ny lanitra dia hanorina fanjakana izay tsy ho rava mandrakizay; ary izany fanjakana izany tsy havela ho an'olon-kafa, fa ireo fanjakana rehetra ireo dia hotorotoroiny sy holevoniny, fa izy kosa hitoetra mandrakizay."*

Tsy misy mpanjaka apetraka raha tsy IZAHO no manendry. ***Romana 13: 1b*** *"Fa tsy misy fahefana afa-tsy izay avy amin'Andriamanitra; fa izay misy dia voatendrin'Andriamanitra."*

Tsy misy Firenena vanona raha tsy IZAHO no mandahatra. ***Salamo 33: 12*** *"Sambatra ny firenena izay manana an'i JEHOVAH ho Andriamaniny dia ny olona nofidiny ho lovany."*

Tsy misy vahoaka manam-piadanana raha tsy TENY FIKASANA no alefako. ***Deoteronomia 28: 1*** *"Raha mihaino tsara ny feon'i Jehovah Andriamanitrao hianao ka mitandrina hanaraka ny didiny rehetra, izay andidiako anao anio, dia hasandratr'i Jehovah Andriamanitrao ho ambonin'ny firenena rehetra amin'ny tany hianao;"*

Tsy misy tany milamina raha tsy mihaino AHY JEHOVAH ao amin'ny mpaminany. ***II Tantara 20: 20b*** *"minoa ny mpaminaniny, dia hambinina hianareo."*,

Tsy misy mpaminany avoaka raha tsy efa mananontanona ny loza. ***Amosa 3: 7*** *"Tsy manao na inona na inona JEHOVAH raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony"*

Tsy misy famonjena ampidinina raha tsy efa very hevitra izao tontolo izao. ***Eksodosy 3: 7-8*** *"Ary hoy Jehovah: Efa hitako tokoa ny fahorian'ny oloko izay any Egypta, ary efa reko ny fitarainany noho ny ataon'ny mpampiasa azy; eny, fantatro ny alahelony; dia efa nidina Aho izao hamonjy azy amin'ny tanan'ny Egyptiana ka hitondra azy hiakatra hiala amin'izany tany izany ho any amin'izay tany soa sy malalaka, dia any amin'izay tany tondradronono sy tantely, any amin'ny tanin'ny Kananita sy ny Hetita sy ny Amorita sy ny Perizita sy ny Hivita ary ny Jebosita."*

Tsy misy Mpamonjy azo antenaina raha tsy izay naloaky ny vavako irery ihany, tamin'ny Fitiavako, tamin'ny Teniko, mba tsy hisy nofo hirehareha na nofo izay tsy hovonjena amin'ny tany. ***Marka 9: 7*** *"Ary nisy rahona niseho nanarona azy; ary dia nisy feo avy tao amin'ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako malalako, Izy no henoy."*

Tsy misy afa-tsy ny Fahamarinan'ny Lanitra no anamasinana ny tany ***II Korintiana 5: 21*** *"Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy kosa isika."*

Indro misokatra ho an'ny tany sy ny lanitra ???????amin'ny Hery tsy hay tononina fa ny tany irery ihany no afaka mandeha sy mifindra, izay fahafito miala aty ambony mandra-pandevona azy. io no noforonina farany. Aza avotsotra izay efa eo aminao, hazony tsara ho entinao manangana Ilay Fanjakam-pahamarinana.

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : **033 12 461 43$^{2}$**

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

***Genesisy 1:31***

*Ary hitan'Andriamanitra izay rehetra nataony, ary indro, tsara indrindra izany. Dia nisy hariva, ary nisy maraina, andro fahenina izany.*

ANDAVAMAMBA, MANARINTSOA, ANATIHAZO ISOTRY, ANDRANOMANALINA

# Nanatanteraka fanadiovana faobe lalana mirefy 1,600 km ny CUA sy ny fokonolona



*Ny fanadiovana tao amin'ny Boriboritany voalohany.*

"Antananarivo soa iombonan'ny Malagasy", ezahina hatrany ny manadio ireo fokontany rehetra izay mandrafitra ny Boriboritany enina eto an-dRenivohitra, araka ny lamin'asa izay efa napetraky ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra (CUA), Lalao Ravalomanana. Araka izany dia novitaina afak'omaly ny fanadiovana ny arabe "Ny Havana Ramanantoanina" eny Andavamamba, izay niarahan'ireo ekipa teknika Boriboritany Voalohany nifandrimbonana. Nanomboka teny amin'ny FJKM Kristy Velona Andavamamba izany , nihazo teny Manarintsoa, Anatihazo Isotry, Andranomanalina ary nifarana manoloana ny BMH Isotry. Nirefy 1 kilometatra sy 600 m ity lalana izay nodiovina ity ary hita tamin'izany fa mbola mila hamafisina hatrany ny fanentanana ireo mponina amin'ny fanadiovana, satria raha araka ny nambaran'ny Tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany dia mbola miandry hatrany ny Kaominina ny mponina vao manadio, eny fa na dia izy ireo ihany aza no mpandoto. Efa misy ihany ireo Rafitra Fidiovana sy Fahadiovana, na ny RF2 eny amin'ireto fokontany ireto, kanefa dia hita fa tena ilain'izy ireo ny fanadiovana goavana, izay iarahana amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra toy izao, noho ny fisian'ireo loto goavana. Misesisesy tokoa ny asa fanadiovana faobe eo anivon'ny Boriboritany Voalohany satria isan-kerinandro izy ireo no manokana fotoana anatanterahana izany, ny antony dia ny mba ho famporisihina hatrany ny mponina, mba hahalala madio satria izany no antoky ny fahasalamana, efa akaiky ihany koa ny fotoam-pahavaratra, ka izany indrindra no tena hanentanana ireo mponina mba samy handray ny andraikitra izay tandrify azy ho fisorohana ny fiakaran'ny rano vokatry ny fako sy loto, izay manentsina ny lakandrano. Rehefa vita ny fanadiovana dia midina mijery ifotony ny tompon'andraikitra, mba hanara-maso sy hanentana ny tsirairay hitandro ny fahadiovana, ny Kaominina dia manampy sy manomboka ny asa fa anjaran'ireo fokontany kosa no miezaka mitazona ny fahadiovan'ny toerana sy manohy ny fanadiovana.

***Naina***

Barea-Chan 2019

# Vonona amin'ny lalao miverina hoy ny filohan'ny FMF



*Andriamatoa Raoul Harizaka Rabekoto Filohan'ny FMF*

Ny fiomanan'ny mpilalao tsirairay sy ny fanomanana iraisana arahina fahamatorana no tena ilaina amin'izao fiatrehana ny lalao miverina hataon'ny ekipam-pirenena Barea CHAN, hiatrika ny ekipa Namibianina izao, hoy Andriamatoa Raoul Harizaka Rabekoto Filohan'ny FMF (Federation Malagasy ny Foot ball). Ankoatra izany, tsy atao ambanin-javatra hoy ity tompon'andraikitra voalohany ao amin'ny FMF ity ny fahavononana eo amin'ny toe-tsaina sy ny ara-batana amin'ny fiatrehana ny lalao miverina. Nanohy nanazava Andriamatoa Raoul Harizaka Rabekoto, fa tokony hamafisina ihany koa ny talenta sy ny traik'efa izay efa ananan'ny mpilalao sy ny mpanazatra, atambatra amin'ny fahaizana miaraka mandritra ny lalao baolina kitra. Nanamafy ny Filohan'ny FMF, fa anjaran'ny teknisianina no mametraka ny paik'ady rehetra ahafahana mandresy ny mpifaninana amin'ny lalao miverina ary arahina finoana izany rehetra izany, mba hibata fandresena ny ekipam-pirenena Malagasy. Nanohy nanazava Andriamatoa Raoul Rabekoto, fa ny voka-dalao no lohalaharana ho an'ny FMF ary hiezaka ity farany hametraka tontolo ahafahan'ny Barea manana fahavononana amin'ny fanomanana rehetra sy ny fiatrehana ny lalao miverina .

***Franck Razakambelo***

SEKOLY FJKM

## Fanabeazana « Mampiaty » ho fampivoarana ny zaza manana fahasembanana

Fanehoana ny asa rehetra ataon'ny tetikasa" Mahay" eny anivon'ny fanabeazana Sekoly Fjkm Manerana ny nosy amin'ny alalan'ny fanabeazana « Mampiaty », no nisongadina nandritra ny atrikasa nataon'ny Mpikambana ao amin'ny Departemantan'ny Sekoly Fjkm, sy ireo Tompon'andraikitra ao amin'ny Fanabeazana Mampiaty Fjkm, miaraka amin'ireo mpiantsehatra amin'ny fampivoarana ny zaza manana fahasembanana, natao tetsy amin'ny Hotel Carlton Anosy ny alarobia lasa teo. Nilaza Ramatoa Rakotondranaivo Domoina tonian'ny Departemantan'ny Sekoly Fjkm, fa ny fampahafantarana ny mpiantsehatra ny hasarobidin'ny asa eny anivon'ny tetik'asa Mahay no tanjona amin'ity atrik'asa ity, mba hahafahana mandresy lahatra ireo mpiara miombon'antoka. Nanohy nanazava Ramatoa Rakotondranaivo Domoina ny fampitoviana lenta ny ankizy sy ny zaza mpianatra manana fahasembanana eo amin'ny tontolon'ny fanabeazana, mba hahafahan'ireto farany manana fahaleovantena mba tsy ho vesatra ho an'ny fianakaviana. Marihina fa nanomboka ny taona 2017 ny asa fanabeazana "Mampiaty" ary miisa 66 ny Sekoly Fjkm manabe mpianatra sembana miisa 787, izay misandrahaka amin'ny faritra Analamanga; Alaotra Mangoro; Atsinanana; Vakinakaratra. Efa amanjatony ihany koa ireo mpampianatra sy Talentsekoly efa vita fiofanana amin'ny mitendry tanana ary betsaka ireo fotodrafitr'asa nohavaozina mifanaraka amin'ny fandraisana ny zaza manana fahasembanana.



*Ireo mpisehatra amin'ny fampivoarana ny zaza manana faghasemabanana tetsy amin'ny Hotel Carlton ny Alarobia teo.*

***Franck Razakambelo***

Antsirabe

## Nandray ny fihaonambe ny "commission nationale d'affectation 2019"

Notontosaina nandritra ny 2 andro tao amin'ny Akademia Miaramila, ny fihaonamben'ny tompon' andraikitra isam-paritra teo anivon'ny Minisiteran'ny fanabeazam-pirenena sy ny fampianarana teknika ary ny fanofanana araka asa, nanerana an'ireo faritra 22. Efa asa fanao isan-taona ihany izy ity, izay andinihana ny mikasika ny fifindran-toerana hoan'ny mpiasampanjakana (CNA) mivondrona eo anivon'ny MENETP. Arak'izany dia samy manana ekipa miatrika izany avokoa rehefa rantsa-mangaika misahana ny « Ressources Humaines » ao anatin'ireo DRENETP 22 manerana an' i Madagasikara tarihin'ireo Tale paritra 22. Satria efa mitambatra amin'ny Fanabeazam-pirenena ny Fampianarana Teknika dia nahitana solontena niatrika ity CNA 2019 ity ihany koa ireo avy amin'ny GREFTP 17 tarihin'ireo PCC. Ny ekipan'ny Direction des Ressources Humaines eo anivon'ny MENETP kosa no mitarika ity komisiona Nasionaly ity. Nitondra ny teny fiarahabana ireo mpanatrika izao CNA 2019 izao Andriamatoa Rakotoarimanana Heriniaina Nomenjanahary, izay Talem-paritry ny DRENETP Vakinankaratra mampiantrano izao CNA 2019 izao ary nitondra ny lahateny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy kosa Ramatoa Tale Jeneralin'ny Fampianarana Teknika sy Arak'asa izay nisolotena an-dRamatoa ministra Volahaingo Marie Thérèse. Fanatatra fa isan'ny olana goavana sedrain'ny mpampianatra ny fitsoahana ny any ambanivohitra, ka mahatonga ny mpampianatra sasany mitangorona amina renivohitra, ka mampidina ny lentan'ny fampianarana.

***Lezama***


## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Resabe tamin'ny voalohany ny tsy fahalalan'i Fidèle an'i Rina kandidà TIM ao Antananarivo. Fanehoankevitra ny an'i Fidele , izy tsy hoe Tim fa natolotry ny Tim. Afaka milaza ny heviny izy hoe tsy mety raha izao na izatsy , fa tsy midika akory izany hoe miala izy na mamadika izy, na manakorontana izy ,betsaka na ny samy tao anaty antoko aza no mbola sahirantsaina tsy nahalala tsara an' i Tahiry Ny Rina, no nisalasala koa ,vao mainka ve fa olona ivelany? reaction normale ny azy fa za mino fa mi-comprendre ihany izy enfin , rehefa hitany miandalana ilay tena Tahiry Ny Rina. Avelantsika izany ady hevitra izany fa andeha hifantoka aty @ fampandresena an'i RINA isika, samy hiezaka ny tsirairay hiasa, @ sehatra misy azy, efa zava-dehibe ny fandresen-dahatra eto, fa izay tena zava-dehibe manaraka dia ny fampafantarantsika azy, eny rehetra eny, aza manaratsy ny hafa rehefa miresaka an'i Rina. Efa tena hiezaka ny ao @ QG @ resaka communication araka ny fantatra.

Tim ihany!

***Jojo Adelin***
***Tanambao V, Toamasina***

## SARIITATRA : Tetikasan'ny teo aloha, fitondrana Rajoelina : tsy mahalala menatra io ô !





Nelson Mandela Cup

## Ekipa miisa 24 no hifaninana eo amin'ny baolina kitra

Ekipa miisa 24 no hifanintsana mandritra ny fifaninanana Baolina kitra, "Nelson Mandela Cup", izay tanterahina etsy amin'ny kianjan'ny "Cheminot"Antanimena nanomboka omaly, ka hatramin'ny rahampitso alahady 29 Septambtra 2019. Hetsika ara-panatanjahantena karakarain'ny Masoivoho Afrikanina Tatsimo miaramiasa amin'ny Fikambanana Grassroot Academy, sy ny Federasiona Baolina kitra Malagasy, ho fanamarihana ny faha-100 taonan'ny Filoha Nelson Mandela. Mizara sokajy roa ny fifaninanana, ka ny voalohany dia Sokajy tanora zalahy latsaky ny 13 taona (U-13 ), ahitana ekipa miisa 12,ny faharoa sokajy tanora zazalahy latsaky ny 16 taona ( U-16 ), ahitana ekipa miisa 12 ihany koa. Nilaza Andriamatoa Cedric Djavojotombo mpikarakara ny lalao, fa ny fizàran'ireo tanora ny fitiavana baolina kitra no tanjona amin'ity fifaninanana ity. Eo ihany koa ny fifampizarana ny toe-tsain'ny Filoha Nelson Mandela eny amin'ny kianja sy eny anivon'ny fiaraha- monina, mba hananan'ny tanora fihevitra ho olom-banona hoy ihany ny mpikarakara. Nilaza ny Masoivoho Afrikanina Tatsimo fa fifaninanana baolina kitra entina hampianarana ny mpilalao ny teknika filalaovam-baolina ny "Nelson Mandela Cup". Nanohy nanazava ity Tompon'andraikita ity fa fanomezana fanantenana ho an'ny ho avin'ny tanora satria avy aty an-dalam-pandrosoana avokoa ireo mpilalao baolina kitra kalazalahy any ivelany. Nanohy nanazava ny Masoivoho Afrikanina Tatsimo, fa ny fiarahana manao baolina kitra dia mampiseho ny fahaizana miara-miasa, ny fifehezan-tena,ny fanajana ny hafa. Mbola nanamafy ity solontenan'ny firenena Afrika Atsimo eto Madagasikara ity, fa ity fifaninanana "Nelson Mandela Cup" ity no manampy ho an'ny tompon'andraikitra amin'ny famolavolana fandaharam-piofanana momba ny fanatanjahantena sy ny fametrahana fotodrafitr'asa.

***Franck Razakambelo***



*Ny Masoivoho Afrikanina Tatsimo niaraka amin'ireo mpiara miasa aminy amin'ny hetsika « Nelson Mandela Cup ».*

Réseau OSCAPE Antsirabe

## Hanao ny hetsika « Sport Pour Tous » andiany faha 3

Mitohy hatrany ny hetsika fanaon'ny vovonana Oscape eto Antsirabe, izay ivondronan'ireo fikambanana fiarahamonim-pirenena miahy ireny kolonga madinika ireny. Nisy indray ny lalao sy fanatanjahatena « Sport pour tous » andiany fahatelo, izay nokarakarain'ny Vondron'ny fiarahamonim-pirenena eto Antsirabe ho an'ny ankizy, ka teny amin'ny kianja Bon Espoir Star Antsirabe no nanaovana izany. Izany fifaninanana izany dia naharitra 4 andro, nahitana lalao miisa 21, toy ny foot, basket, pétanque, tire à la corde, course pneu, course sac,… Tanjon'izao lalao sy fanatanjahantena izao ny hampita hafatra hatrany. Notanterahina ny andron'ny 24 septambra 2019 ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny « Sport pour tous » andiany fahatelo, ka tsy nifarana izany raha tsy omaly zoma faha 27 Septambra. Nanome voninahitra izany ny solontenan'ny Prefektiora Antsirabe, ny Lehiben'ny sampandraharaha ara-ekonomika eto amin'ny Faritra, sy ny solontenan'ny Talem-paritry ny tanora sy ny fanatajahantena, ary ny « Juge des enfants ». Nambaran'ireo tompon'andraikitra fa ilaina ny fanaovana hetsika arapanatanjahantena hampivelatra ny sain'ny ankizy, hampivondrona ny ankizy, mampiombona, manabe, hikolokoloana sy hikarakarana vatana.

***Solohery***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE 21/09/19 hatramin'ny 28/09/19**

- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 020 22 240 64/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite à partir station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32
- **MAHASOA** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 622 50
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 959-09-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FIAKARAN'NY VIDIM-PIAINANA

## Mitaky vahaolana maharitra ny vahoaka

Mahakasika ny fisondrotan'ny vidimpiainana, mitaky vaha olana maharitra ny vahoaka malagasy, fa tsy vaha olana petatoko sy vonjy tavanandro hoy ny solombavambahoaka TIM ao amin'ny Boriboritany faha-5, Fetra Ralambozafivololona. Isan'ireo tokony ho jerena akaiky sy hatao laharampahamehana ohatra ny fanatsarana ny fambolem-bary, ny fanohanana ara-bola sy arateknika ny tantsaha rehetra, ny fanomezana tantsoroka ho an'ireo mpandraharaha sy ny orinasa malagasy. Efa natao teto ny tsena mora saingy tsy maharitra, tsy tena mahasahana akory ny malagasy rehetra. Tsy mifandanja amin'ny fahefa-mividin'ny malagasy intsony ny fiakaran'ny vidim-piainana, izay mitarika filentehana ho an'ireo sokajin' olona efa sahirana, ary mampiletsy ireo mba efa ao anatin'ny sokajy antonony araka ny fanazavan'ny solombavambahoaka Ralambozafivololona Fetra ihany. Mitaky vaha olana maharitra ny malagasy, toy ny fampiroboroboana ny seha-pihariana amin' ny fambolena sy ny fiompiana, eo ihany koa ny fanomezana aina ny mpandraharaha malagasy, fa tsy vaha olana kitoatoa sy ny vonjitavanandro hoy izy nanamafy ny fanazavany izy.

***Naina***

CFP Sarobidy Antsirabe

## Namoaka mpiofana andiany Miray

Mpianatra miisa 39 nandrato fahalalana tao amin'ny CFP Sarobidy Antsirabe no nahazo « certificat de formation ». Notontosaina ny faran'ny herinandro teo ny lanonana famoahana ny andiany Miray. Ny Sarobidy dia fikambanana niasa nanomboka ny taona 1998, izay miara-miasa amin'ny Amie (Aide Internationale à l'Enfance) ny Ministère des Relations Internationales et de la Francophonie du Québec. Antony nananganana ny CFP dia ny mba hisintonana ireo fianakaviana marefo, hampiditra an-tsekoly ny zanany. Zaza 16 taona hatramin'ny 20 taona no raisina ato amin'ity CFP ity, sampam-piofanana roa no ampianarina ao dia ny asa birao sy tao-trano, maharitra herintaona kosa ny fiofanana, izany hoe 10 volana fianarana ary 2 volana « stage». Tamin'ity andiany Miray ity dia mpiofana 22 nahavita resaka asa birao ary 17 kosa nisafidy ny tao-trano. Arak'izany ny fidirana ato amin'ny CFP dia misy fifantenana. Namoaka ny andiany Miray ny CFP Sarobidy, nanome voninahitra izany ny solontenan-dRamatoa Préfet, ny Talen'ny Fampandrosoana eto anivon'ny Faritra, ny Talemparitry ny asa sy ny lalàna sosialy, ny Talem-paritry ny Fanabeazam-pirenena sy ny Fampianarana teknika ary Fampiofanana arak'asa, teo ihany koa ny fianakaviamben'ny Association Sarobidy, tarihin-dRamatoa Razanapera Lalaina. Marihina fa 3 taona ny faharetan'ity tetikasa ity, ka tapitra amin' ity famoahana mpianatra andiany Miray ity ny tetikasa Amie. Araka ny tombana natao, 60% ny andiany voalohany no efa miasa.

***Lezama***

FJKM Atsimon'i Mahamasina


## Fotoam-bavaka no nisantarana ny faha-20 taonan'ny Polisy Monisipalin'ny CUA

Nentina am-bavaka tetsy amin'ny Fiangonana Fjkm Mahamasina Atsimo, fanombohana ofisialy ny famarihana ny faha-20 taona nijoroan'ny Polisy Monisipalin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly tolakandro. Nanotrona izany ireo Departemanta maro samihafa mandrafitra ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, niaraka tamin' ny Solontenan'ny Polisim-pirenena sy ny Zandarimariam-pirenena. Nisolotena ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana nandritra izany ny lefitra faharoan'ny ben'ny tanàna, Julien Andriamorasata, ny talen'ny kabinetra Ranjakasoa Mparany Gabhy. Hotohizana amin' ny fikarakarana hetsika maro samy hafa ny fankalazana hoy ny Komandà Christophe, Filohan'ny komity mpikarakara, ao anatin'izany ny hetsika ara-panatanjahantena, ny fisokafan'ny fiarahamiasa amin'ny sampandraharaha hafa izay ao anatiny sy ivelan'ny kaominina, eo ihany koa ny fametrahana vina amin'ny fananganana ivon-toeram-piofanana ho an'ny Polisy Monisipaly vaovao ary fampitomboana traikefa ho an'ny Polisy Monisipaly am-perin'asa. Nanohy nanazava ny Komandà Christophe fa miisa 258 ny Polisy Monisipaly miara-miasa ao amin'ny Kaominina Renivohitra Antananarivo ankehitriny ary mahatsiaro ireto farany fa manana andraikitra sy adidy amin' ny fiantohana ny filaminana sy ny fampandrosoana ny tanànan'Antananarivo. Marihina fa haritra heritaona ny fankalazana ny faha 20 taonan'ny Polisy Monisipaly, izay hifarana ny 27 Septambra 2020.

***Franck Razakambelo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 294




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0293)

***Mitsivalana***
- Ova – Maty (Miv)
- Totozy
- Ala – Lala
- (Miv)
- Averina
- An – Ma – Ok
- Nao – Gasy
- Aiza – Fia

***Mitsangana***
- Ota – Ana
- Volanay
- Vata (Miv) – Zo (Miv)
- EM
- Garazy (Miv)
- Tily – Fa (Miv)
- Anosy
- Malakia

### TENY MIFANARAPAKA N° 294

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | ■ |
| 2 | | | | | | ■ | | ■ | | |
| 3 | | | | | | | | | | ■ |
| 4 | | ■ | | | | | | | | ■ |
| 5 | | | | ■ | | ■ | | | | |
| 6 | ■ | | | | | ■ | | ■ | ■ | |
| 7 | | | | | | ■ | | | | |
| 8 | | | | | | | | | | ■ |
| 9 | | | | | | ■ | | | | |
| 10 | | ■ | | | ■ | | | | | |

**Mitsivalana**

**1.** Mahery **2.** Zava-maniry – Faranteny **3.** Renirano **4.** Resaka mangina **5.** Iray (Miv) – Teny mandà (Miv) **6.** Vitaina **7.** Atono – Esory **8.** Sakaizanareo **9.** Alika (Miv) – Vimbino **10.** Mpanondro – Tsenabe

**Mitsangana**

**A.** Voay – Renivohitra (Miv) **B.** Vizana – Diovy **D.** Safosafo **E.** Tsy anareo, tsy azy ireo – Ody nify **F.** Nafarana **G.** Karatr **H.** Ao an-damosinareo **I.** Aiky – Petsa **J.** Hita amin'ny vatana (Miv) – Naoty ambany be (BR) **K.** Mpanondro faritra akaiky – Sahala (BL)

### Valiny Teny mifanaraka 0293

**Mitsivalana**

1. Torahana 2. Orana – Eroa 3. (H)en(a) – Inona (Miv) 4. Aia – Sivy (Miv) 5. Rantsana 6. Hariva (Miv) – Ny 7. No – Alaka 8. Fay (Miv) – (H)ao – Io 9. Korontana 10. Sa – Ataonay

**Mitsangana**

A- Toetrany B. Ora – Avoaka D. Rà – (T)any – Fo E. Antitra – Ra(na) F. Ha – Losa (Miv) – Ot(a) G. Ahoana H. Nenin(a) – Kato I. Arovana – An J. Ony – Ina K. Paiso – Voay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Miara-dàlana ho an'ny fandresena ny solombavambahoakan'Antananarivo sy ny kandida Rina, N°2 Antananarivo.





Ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny faha-20 taonan'ny polisy monisipalin'ny CUA.











